FIAINAMPIARAHAMONINA

# Misy misoloky ihany koa ireo manao akanjo tsara eny andalana

Taorian'ny resaka fanapahana volo eny an-dalana dia misy indray ireo fisolokiana atao amin'ireo olona manana akanjo tsara mandeha eny an-dalana. Tranga iray no ho resahana eto nanjo ity tovovavy iray. Maraina tokony ho tamin'ny 7 ora teo teny Anjanahary amin'iny lalana avy any amin'ny fasam-bazaha ilay lalana pavé iny. Nisy tovovavy iray tokony ho 20 taona mahery teo nanao perfecto nidina avy any Ampasampito any, mety hoe andeha hiasa. Izaho avy any ambony ihany koa miara-dalana eo fa izy tokony ho 5 metatra eo alohako. Avy any ambany any misy olona 2, vehivavy sy lehilahy, madio fitafy zareo fa vao nifanena tamin'ilay tovovavy kely tonga dia nivazavaza be ilay vehivavy hoe:"Tratrako amin'izay tena anio fa ento aty amin'izay iny akanjoko iny fa sady efa mindrana mbola mitsoaka ihany", dia hoy ilay tovovavy hoe tsy anao izany ity fa anahy, fa vao mainka nivazavaza be ihany ilay ramatoa sady nosintoniny hiala ilay akanjo. Dia hoy ilay rangahy hoe avelao fa alaintsika any antranony, dia tsy mety ihany ilay ramatoa fa miteny hoe tsy misy manaiky an'izany eo fa ohatrinona nividianako an'iny. Dia avy eo ilay rangahy nibetroka tamin'ilay tovovavy hoe omeo iny haingana ry Hanta fa mitangorona ny olona a, any antrano miresaka. Dia sady nitomany ilay vehivavy hoe tsy anao izany ito, fa avy eo ilay lehilahy no nanala hoe aza mangalatra sady notereny dia azony ihany.


*Faritra Anjanahary, anisan'ny tanàna mafana.*

Nigogogogo be ilay tovovavy avy eo, ny olona rehetra nahita moa mihevitra fa mifankahalala ry zareo ary miady tsotra.

Rehefa nanontaniana ilay tovovavy dia tsy fantany hono ireny olona ireny ary tsy Hanta izany no anarany. Teo vao samy gina fa mpisoloky sy mpanao sinto-mahery ireny olona ireny. Nenjehina nojerena fa tsy hita intsony ny nalehany, nitsofoka ilay sampanana kely mankany Mascar iny.

Tandremo fa tsy kely lalana ny ratsy, ilay lehilahy mety eo amin'ny 30 taona mahery eo, ilay ramatoa 28 taona any ho any.

***Helisoa***

Valanaretina Covid-19

# 4 namoy ny ainy, 29 tranga vaovao, 95 ny tranga misy fahasarotana

Tarehi-marika nivoaka farany momba ny valanaretina coronavirus teto Madagasikara, 4 no namoy ny ainy, 29 ny tranga vaovao, 95 ny tranga misy fahasarotana.

29 tranga vaovao hita tamin'ireo 614 nanao fitiliana ny 10 jona 2021 : 18 Analamanga, 3 Atsinanana, 4 Matsiatra Ambony, 1 Atsimo Andrefana, 1 Menabe, 1 Itasy, 1 Sofia.

32 sitrana : 12 Analamanga, 9 Atsinanana, 1 Diana, 2 Matsiatra Ambony, 2 Atsimo Andrefana, 4 Anosy, 2 Androy.

4 matin'ny Covid-19 ny 10 jona : 3 Matsiatra Ambony, 1 Analanjirofo. Tafakatra 879 ny isan'ny olona namoy ny ainy noho ny Covid-19 hatramin'izay nidirany teto Madagasikara izay, tamin'ny 21 martsa 2020.

95 no tranga misy fahasarotana ankehitriny.

***Niaina***



*Tarehi-marika ny 10 jona teo, momba ny valanaretina coronavirus teto Madagasikara.*

## Mazotoa mihira

***Saika mbola mihantona avokoa amin'izao fotoana ny lanonana amin'ny mariazy, na ny fanambadiana rehefa vita ny fanamasinana, satria mbola mikatona ireo toerana fanaovana izany dia ireny Espace ireny. Efa mitaky ny mba hisokafany amin'izay koa anefa ireny Espace ireny fa tena sahirana izy ireo nandritra izay fihibohana izay. Hira mahakasika mariazy noho izany no atolotra anao anio, mba ho firaisankina amin'ireo mpandray lanonana toy ny mariazy ireny. Hiran'ny tarika MR Razafy : Mariazy. Dia mazotoa mihira ary e !***

### MARIAZY

Zao no andro hafa indrindra
Eo amin'ny fiainantsika
Fa hiaraka hamindra
Ho doria ny fontsika

Ref: Mariazy andro tokana aman-tany
Hoy ny akon'ny fo tafatambatra
Andro iray tsy ho adinoina tena mamy
No hiarahana ho doria
Ho sambatra

Saotra dera ho an'ilay Nahary
Nanambatra an-tsika ho mandrakizay
Faly isika izao fa tafaray
Ary hamerin'indray irony voady fahizay

Sambatra izay fo mifankatia
Saro-bahana mafy fatorana
Hiventy sy hikalo hanako satria
Nandresy ilay fitia nifanolorana

***Mpihira: Tarika MR Razafy.***



## Sakafo Ny Valosoa



Bitro saosy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia, na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba natoraly fanalana holatra na cicatrice amin'ny vatana

Fomba natoraly fanalana holatra, na cicatrice amin'ny vatana indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Toy izao ny zavatra hatao hampihena na hanala tanteraka ny holatra:

Zavatra ampiasaina :
Siramamy 5 sotro.
Vinaigre de cide 3 sotro
Tantely 2 sotro
Thé vert, na dite maitso 1 sotro.




Fampiasana azy, afangaro ireo rehetra ireo, ary apetraka kely mandritra 1 ora alohan'ny hampiasana azy.

Ahosotra amin'ny faritra misy ilay cicatrice na holatra ary havela hijanona 30 min eo mihitsy vao kobanina amin'ny rano mafana.

Marihina fa olona 6 volana miakatra no afaka mampiasa io akora io, ary mety ho an'ny vehivavy mitondra vohoka.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Manampaneva any amin'ny distrikan'i Mandritsara, faritra Sofia

Ny tanànan'i Manampaneva any amin'ny distrikan'i Mandritsara, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Manampaneva, iray amin'ireo kaominina miisa 22 mandrafitra ny distrikan'i Mandritsara ity tanàna ity. Any amin'ny faritra atsimo atsinanan'ny faritra Sofia no misy azy. Azo lazaina ho efa avo toerana ity tanàna ity, satria 5 17 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any Manampaneva ny vary, ny haninkotrana isan-karazany. Mpiompy omby koa ny any an-toerana.

